
# Alahady faharoa FIAVIAN'NY TOMPO - TAONA D 2024



***"Amboary ny lalan'ny Tompo, ahitsio ny halehany; ny lohasaha rehetra hototofana, ny tendrombohitra sy ny havoana rehetra haetry" Lk 3,5***

Ry Kristianina Havana, tena tafiditra ao anatin'ny fiomanana amin'ny fahatongavana na Avent isika. Araka ny volagnintsika dia manokana ity fankalazana ny Avent, fankalazana ny fiavian'ny Tompo ity satria tena mampiditra antsika amin'ny fiatrehana ny Sinaody izay azo lazaina fomba lehibe handraisantsika ny Tompo eo anivon'ny fiainantsika ka hanaovantsika « DEPART VAOVAO », fiaingana vaovao hoy isika. Ary izay no hahatongan'ny Tompo eto anivon'ny fiainantsika. Ary ny tena tsipihina manokana dia izao Avent izao no manomana antsika amin'ny Jobilin'ny famonjena antsika. Araka ny fantatsika dia sokafin'I Papa any Roma amin'ny alin'ny Noely ny taon-jobily fa isaky ny diosezy dia ny alahadin'ny Fianakaviana Masina ka ataontsika EOV OLO ARAIKY JIABY ISIKA FRATELLI TUTTI FIANAKAVIAM-BEN'ANDRIAMANITRA HAMAKIVAKY NY TAONA ZARY MPIVAHININ'NY FANENTANANA. Ny Noely no fanombohan'ny misterin'ny famonjena antsika. Vanimpotoan-dehibe ho antsika izany izao Avent izao. Tena « Temps fort » tokoa amin'ny fankalazana ny Sinaody : « Eglizy Olo, miara-dia, miombona, velomin'ny Batemy, mandray an-tanana ka zary Tabernakla velona » fa indrindra ny FIJANONANA FAHA-3 mampirisika antsika hiroso amin'ny FIANAKAVIANA EGLIZY KELY MIFANASOA SY MIFAMPITSIMBINA MIKATSAKA NY SOA IOMBONANA SATRIA MPIRAY TAMPO….

Ireo vakiteny rahateo dia tena mampiditra antsika amin'izay voalazantsika teo ka manomana

***Vakiteny I** : Bar. 5,1-9* ***Tononkira**: Sal. 125,1-2ab. 2de- 3. 4-5. 6.*
***Vakiteny II** : Fil. 1, 4-6. 8-11*
***Evanjely**: Lk. 3,1-6*

antsika amin'izany fiavian'ny Tompo izany. Ary indrindra amin'izao Alahady faharoan'ny Avent izao dia miresaka manokana momba ny « lalana ». Ho avy tokoa ny Tompo ary mitondra hafaliana sy hamonjy antsika izy ka mila « amboarina ny lalany » mitondra amin'ny fanantenana. Matokia isika eo am- pamakivakiana ny Avent ity fa « miara-dalana amintsika ny Tompo ». Torak'izany koa tsy irery isika amin'izao Sinaody izao fa miaraka amintsika ny Tompo. Marina misy fotoana tokoa izay tsy hahitantsika ny làlan-kombana ary misy fotoana aza toa tsy misy intsony ny mpaminany izay irahin'Andriamanitra hanoro ny lalana. Na koa maro ny milaza ho mpaminany ka very « fanahy mbola velona ny maro » very repères. Anisan'ny mpaminany mamitaka ireny tambanjotra sôsialy ireny araky ny voalazan'ny taratasin'ny Eveka. Mila mitandrina isika… Manasa antsika firenena fa indrindra ny Mpitondra ny Eveka tamin'ny taratasy farany mba hahita lalana vaovao fa tena reraka ny vahoaka. Manao ny asany maha-mpaminany azy ny Eveka ka indraindray mety tsy azon'ny olona.

Inona tokoa moa ny atao hoe mpaminany**?**

Ny mpaminany dia tsy hoe mahita ny ho avy, anisan'ny asany izay fa tsy izay ny tena fototra. Mpaminany izy ka mahita ny ho avy satria nampahalalan'Andriamanitra ny sitrapony ary ny fahalalana ny sitrapon'Andriamanitra izay ho toriny amin'ireo vahoaka no mahatonga azy manambara ny ho avy fa tsy izay no asan'ny mpaminany sy ny maha-mpaminany ny mpaminany. Ny Mpaminany dia manambara ny sitrak'Andriamanitra mba hahafahan'ny vahoaka manitsy ny diany. Ny fivelomana ny sitrapon'Andriamanitra manko no mitondra amin'ny tena fiainana hahitana ny hasambarana. Eo anatrehan'ny fiainana manahirana sy ahitana fifangaroan-javatra ilaina no hahafantarana ny sitrak'Andriamanitra nefa indrisy misy fotoana tsy nisian'izay mpaminany izay teo amin'ny vahoakan'Andriamanitra, ary indrisy na amin'izao andro iainantsika izao, ka izay ny mahatonga an'i Md Papa Paoly VI nanoratra hoe : tsy ny mpitory teny loatra no tadiavin'izao tontolo izao, na ny vaninandro iainantsika izao fa ny vavolombelona. Matoa izy mihaino ny mpitoriteny dia satria mivelona izay toriny ireny mpitoriteny ireny, vavolombelo na mpaminany. Mitady mpaminany tokoa izao vanim-potoana iainantsika izao hanomana antsika, hanokatra ny fontsika mba handray ny Tompo, mba ho afaka handray ilay ho avy, ilay mpamonjy izay hitondra hafaliana, hitondra aim-baovao, hitondra fiadanana hanavao ny fiainantsika, mpaminany hanomana antsika amin'izany. Ary dia izay izao Alahady faharoa izao hahitantsika ny endrikin'ny mpaminany nanomana ny fahatongavan'ny Tompo dia i Joany Batista. Henontsika ao amin'ny Evanjely ny endrik'i Joany Batista ary dia ahitantsika ny endrikin'ny mpaminany. Isika Kristianina izay mitafy ny endrik'i Kristy, izay nandray ny Fanahy Masina, dia isika izao àry no antsoina mpaminany eo amin'ny fiainantsika andavanandro ary hitarika ny olona tahaka ny nataon'i Joany Batista izay niantso ny olona hibebaka hanamboatra ny làlan'ny Tompo. Ary izay tokoa, hamboarintsika ny làlan'ny Tompo hahafahantsika handray azy. Io no tanjon'izao Sinaody izao hanomana ny lalan'ny Tompo hiditra eo amintsika ka hahitantsika ny fivelarana ny mahaolona manontolo ay mahaolon-drehetra. Hahatonga antsika ho OLON-DEHIBE AMIN'NY FINOANA, handray an-

tanana ka hampandroso ny finoana. Raha mandroso ny finoana dia mandroso ny olona sy ny olona manontolo… izany hoe “manamboatra ny lalan’ny Tompo…”
Ary Inona moa ny hoe hanamboatra ny làlan'ny Tompo**?**
Henoy tsara ny hafatr'i Joany Batista izay mitanisa ny tenin'Izaia mpaminany : Ahitsio ny alehany, izay tokoa, aoka hahitsy ny fiainantsika, tsy misy fihatsarambelatsihy izay tena manapotika ny fifandraisana. Ny mpaminany araka ny nolazaintsika teo araka ny famaritan'i Md Papa Paoly VI dia ny fiainany no manambara an'izay toriny. Io no mahatonga antsika mamerimberina mandrakariva hoe: hahay hampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro. Izany no mpaminany, izany no nataon'i Joany Batista, ary  izany no irintsika ry Kristianina Havana ho tanteraka amintsika tsirairay avy amin'izao fiomanantsika amin'ny fahatongavan'ny Tompo izao mba ho mpaminany isika tsirairay avy. Izay no dikan’ny hoe Olon-dehibe am-pinoana vokatry ny sinaody. Mpaminany isika raha mahitsy ny fiainantsika sy ny làlana arahintsika rehetra rehetra Atsaharo ny fitapitaka, ialao ny risoriso, aoka ny vandivandy, aoka ho lavitra antsika ireny. Aoka HAHITSY SY MAZAVA NY FIAINANTSIKA. Ny lohasaha rehetra ho totofana.

**Inona moa ny lohasaha?**

Ny lohasaha tsy inona fa ireny fiainantsika andavanandro ireny izay manjaka matetika ny avonavona, ny fialonana, ny fitiavan-tena. Ireny no lavaka lalina dia lalina mikiky ny fiainantsika, mampanalavitra antsika tsirairay avy ny lavaka, amin'izay tsy afaka mifanatona satria misy lavaka, noho ny fitiavan-tena, fialonana, avonavona. Zary misy elanelana isika eo amin’ny fifandraisantsika. Ka ireny no lohasaha tsy maintsy totofantsika amin'izao fiomanantsika amin'ny fahatongavan'ny Tompo izao, amin'izao fiatrehantsika ny Sinaody izao ka hahatonga antsika ho Eglizy Olo, miara-dalana, velomin’ny Batemy ka miombona mandray an-tanana ka zary Tabernakla velona. Tabernakla velona, Kristy Mpiarabelona amin’ny olona ka hanalavitra ireny fialonana izay manapotika ny fifandraisana ka tsy hahafahantsika mifanatona ireny. Ny tendrombohitra sy ny havoana rehetra haetry, ny avonavona haetry, hanana fanetren-tena isika satria tsy misy ny fomba handresentsika an'ireny avonavona sy fialonana ireny raha tsy misy ny fanetren-tena. Ireny no tendrombohitra izay tsy ahatakaran'nymanodidina ny fiainantsika ka aoka àry hanana fanetren-tena isika tahaka ny voalazan'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa izay mampianatra antsika mba hanana fahadiovana ary hanana fiainana tsy manan-tsiny isika, hanana fanetren-tena isika. Izany no hanadio ny fontsika ka amin'izay tsy ho hisy intsony ireny tendrombohitry ny avonavona, tendrombohitry ny fialonana ireny fa hanana fanetren-tena isika. Ary hoy ny ao amin'ny Evanjely mitanisa an'izay voalazan'Izaia : ny meloka rehetra, ny làlana mikotoantoana dia hohamarinina ka hahita ny famonjen'Andriamanitra isika rehefa marina ny fiainantsika, miarina tsara, izany hoe miezaka isika hanadio ny fontsika ao anatin'ny fanetren-tena ary hanatona ny sakramentan'ny konfesy. Izao tokoa ny vanim-potoana tsara ka aoka isika mba hanatona ny sakramentan'ny konfesy mba hialantsika amin'ireny zavatra ireny ka hahitsy ny fiainantsika dia ho tanteraka izay voalazan'i Barôka mpaminany ao amin'ny vakiteny

voalohany: haneho ny famirapiratan'Andriamanitra amin'ny tany rehetra ka hanjaka tokoa amin'izay ny fiadanana ary ireo fahoriana sy fijaliana rehetra dia ho lavitra, ny herisetra tsy ho hisy intsony fa ny fifankatiavana sy ny fihavanana no hanjaka eto anivontsika. Izay no irintsika ry Kristianina Havana.

Ry Jesoa Tompo ô, mbola maro ny vatomisakana anay vokatrin'ny avonavona, vokatrin'ny fialonana sy ny fitiavan-tena eo aminay, koa enga anie hahay hananaraotra an'izao fiomanana akaiky dia akaiky ny fahatongavanao amin'ny alalan'ny fankalazana ny Avent izao izahay mba hanao ezaka hihavao tokoa ka hiala amin'ireny fomba ratsy mahazatra anay ireny izay manapotika ny fifandraisana amin’ny zavaboaary ka mahatonga ireny motro manambaraheritsetra ireny. Tsy miala amin’izany koa ny fifandraisana eo anivon’ny fiaraha-monina potika noho ireny fomba mamohehatra ireny. Hahay hananaraotra izao Avent izao izahay, hahay hananaraotra izao Sinaody izao ka hihavao. Ampio izahay mba ho mpaminaninao tokoa tahaka an'i Joany Batista hanambara anao amin'ny alalan'ny fiainanay, hahay hampitraotro ny finoana amin'ny fiainana andavanandro handresy ny vonavona, ny fitiavan-tena, sy ny fialonana ka hampanjaka ny fifamelan-keloka sy ny famindram-po izay lalana mitondra amin'ny fiadanana marina. Ianao ilay fiadanana eto anivonay, Ianao tokoa no Emanoela eto anivonay. Masina Maria ampianaro izahay hanana fanetren-tena marina. Md Josefa, Lehilahy marina ianao ampianaro izahay hivelona ny fahamarinana, hampanjaka ny rariny sy ny hitsiny hiaro mandrakariva ny madinika. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson